Fitsipiky anatiny Sekoly alahady

Tanjona :

Mikolo sy manabe amin'ny alalan'ny fampitàna ny tenin' Andriamanitra amin'ny ankizy.

Rafitra :

Ny Sekoly alahady dia misy ny ray aman-dreny sy ny birao izay ahitàna ny filoha, ny mpitan-tsoratra, ny mpitahiry vola, ny diakona mpiandraikitra.

Andraikitra :

- Ray aman-dreny
    - Mamonjy ny fivoriana
    - Mandray anjara amin'ny fifidianana birao
    - Mampandre ny mpampianatra ny tsy fahafahan'ny ankizy Mamonjy ny Sekoly alahady
    - Manatrika ny fampianarana karakarain'ny Sekoly alahady ho an'ny ray aman-dreny.
- Filoha
    - Mpitarika sy manampy amin'ny fanatanterahina Andraikitra eo anivon'ny sampana
    - Tompon'Andraikitra eo anatrehan'ny faritany, synodam-paritany, synoda-lehibe.
    - Misolotena ny sampana amin'ny sehatra isan'ambaratonga
- Mpitan-tsoratra :
    - Mitazona sy mpitahiry ny taratasy mikasika ny fiainan'ny sampana rehetra
    - Manaparitaka ny taratasy fiantsoam-pivoriana
    - Manao ny tatitry ny fivoriana
- Mpitahiry vola :
    - Misahana izay rehetra mikasika ny volan'ny sampana
    - Mpitahiry ny bokim-bolan'ny sampana ho ara dalàna.
    - Mampatsiahy ireo ray aman-dreny ny adidy ara-Bola.
- Diakona mpiandraikitra :
    - Manelanelana ny sampana amin'ny fiangonana reniny amin'ny sehatra rehetra

Mpikambana :

Ny Mpikambana dia ny mpiandraikitra sy ankizy mpianatra Sekoly alahady nisoratra anarana.

Loharanom-bola :

- Rakitra mandritra ny alahady ny sampana
- Rakitra hataon'ny ankizy mandritra ny fotoanan'ny Sekoly alahady
- Ny latsak'emboka isan- taona **5€** isan' ankizy.
- Hetsika samihafa
- Fanomezana

Ilaina ny Manao ny budget provisionnel amin'ny fiandohan'ny taom-pianarana sy mampiditra izany anaty bokim-bola.

Adidy sy fehim-pihavanana :

❖ An-kafaliana (mari-pahatsiarovana tsy mihoatra ny **10€**)

Manoloana ny ankizy

- Mahazo zandry
- Fanambadian'ny ray aman-dreny
- Fanokanana mpiandry/diakona ny ray aman-dreny
- Batisa (izy na ny ray tampo, na ray aman-dreny)

Manoloana ny mpiandraikitra (mpampianatra)

- Fanambadiana
- Fanokanana diakona/mpiandry
- Fiterahana
- Batisa ny zanaka

❖ An-karatsiana

Manoloana ny ankizy sy ny mpiandraikitra amperin'asa

- Marary miditra hopitaly (ankizy, ray aman-dreny, iray tampo, ray aman-dreny be / mpiandraikitra, ny zanany na vadiny) (**20€**)

- Voina (ankizy, ray aman-dreny, iray tampo, ray aman-dreny be / mpiandraikitra, ny zanany, ny vadiny, ny ray aman-dreny, iray tampo aminy) (**50€**)

Manoloana ireo mbola manohy ny fiaraha-miasa sy ny mpitandrina. (**25€**)

- Voina (izy tenany, zanany, vadiny, ray aman-dreniny)

Ankoatran'ny fao-dranomaso dia manotrona ny tompo-manjo, mamangy ny marary.

Fandraisana anjara ny sampana ao amin'ny fiangonana :

- 5 Minitra ny Sekoly alahady
- Krismasy
- Vokatra
- Alahadin'ny sampana

Fialam-boly :

Mivoaka any ivelany indray mandeha isan-taona ny sampana araka izay azo atao.

Raha misy fivoahana kasaina hatao dia ny birao sy ny ray aman-dreny no mandinika sy manapaka ny fanatanterahina izany sy ny ho enti-manana amin'izany ary mitondra izany eo anivon'ny biraon' ny fiangonana.

Fiofanana :

Ny mpampianatra dia tsy maintsy mamita ny Fiofanana fototra ary ilaina ihany Koa ny fanitaram-pahalalana amin'ny fiofanana samihafa eo anivon'ny foibe, institut biblique de Nogent sy ny sisa.

Fanampiny :

Fifaliana ho an'ny sampana ny manohy fiaraha-miasa amin'ireo mpiandraikitra Teo aloha izay maniry izany.